TARATASY MISOKATRA HO AN'ANDRIAMATOA FILOHAN'NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Manoloana ny filazana nataon'ny Filoham-pirenena frantsay tany amin'ny Nosy Glorieuses tamin'ny 23 Oktobra 2019 fa hatao faridranomasina arovana ireo nosy efa neken'ny Firenena Mikambana sy ny Firaisambe Afrikana tamin'ny 1979, fa ao anatin'ny fari-dranomasin'i Madakasikara ary haverina aminy,

ary alohan'ny fifanakalozana izay hataon'ny Governemanta Malagasy sy Frantsay atsy ho atsy momba izany,

dia voninahitra ho anay TAmbazotran'ny FOkonolona MItantana ny HArenA VOajanahary, TAFO MIHAAVO izay mampiray faritra ifampivelomana 530 misy mponina mihoatra ny 1,4 tapitrisa sy ny rafitra maro ary olompirenena FANONGA,

miasa ho an'ny fisitrahan'ny Malagasy tsirairay ny harempirenena iombonana, ho lovain-jafy ao anatin'ny tontolo iainana madio, ny maneho ny hevitray momba ity raharaha ikambanana ity.

1) Tsy hiadian-kevitra intsony ny hisarahan'ireo nosy ireo amin'i Madagasikara satria efa nekena ao anaty fifanarahana iraisam-pirenena fa anatin'i Madagasikara izy ireo;

2) Koa satria tompony ny Firenena Malagasy dia zo, andraikitra ary asan'ny Malagasy no mamaritra sy manatanteraka izay paikady heveriny fa hahasoa ny vahoaka sy haha-lovainjafy ny harena iombonany;

3) Anjaran' ny Malagasy ny misafidy izay hiaramiasa aminy amin'izany ao anatin'ny fanajàna ny fiandrianam-pirenena, ny fandriampahalemana, ny Tontolo Iainana ary ny fehin-kevitry ny Firenena mikambana;

4) Efa anaty kolotsain'ny Malagasy ny "Iray Aina, Iray vatsy", koa ny fitantanana ny harena voajanahary ho lovain-jafy dia anjara andraikitra hifampizaran'ny Fokonolona sy fiarahamonim-pirenena Malagasy amin'ny Fanjakana izay natao hiaro azy ireo.

5) Zo ary tian'ny Malagasy rehetra ny mahafantatra ny vokam-pikarohana maneho ny maha-harena tsy manam-paharoa ny zavaboary mivao sy ny harena ankibon'ny tany ao amin'ireo nosy ireo sy eto amin'ny firenena, mba hahafahana misafidy an-kalalahana.

Noho izany:

- Tsy ekena ny fanasarahana ny fikajiana ny tontolo iainana sy ny harena voajanahary amin'ny fiandrianam-pirenena;
- Manome toky an'izao tontolo izao ny mpitondra sy ny vahoaka Malagasy fa handray andraikitra feno amin'ny fiarovana sy fikojakojana ireo Nosy ireo amin'ny maha-raharaha ikambanana azy;
- Manainga ireo siantifika sy izay nanakarama azy ireo mba hanapariaka @ fomba tsotra ny vokatry ny fikarohany ao amin'ireo Nosy ireo.
- Manao antso avo amin'ny Firenena mikambana, sy ny Vondrona Afrikana mba hanampy an'i Madagasikara amin'ny fampiharana izay voasoratra sy nosoniavina.

Antananarivo, faha-12 novambra 2019

Ny TAFO MIHAAVO sy ny FANONGA

Dika mitovy: - Andriamatoa Praiminisitra
- Ramatoa Filohan'ny Antenimieram-pirenena
- Andriamatoa Filohan'ny Antenimieram-doholona
- Ramatoa Minisitry ny Raharaham-bahiny
- Andriamatoa Minisitry ny Angovo, ny Rano sy ny Akoranafo
- Ramatoa Minisitry ny Fampianarana ambony, ny Fikarohana ara-tsiansa sy ny Fanavaozana
- Andriamatoa Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Maharitra
- Andriamatoa Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefàna
- Andriamatoa Minisitry ny Fanajariana ny Tany, ny Toeram-ponenana sy ny Asa Vaventy
- Andriamatoa Filohan'ny Akademia Malagasy